Alain Andriamiseza 2

## Tsy azo ekena intsony ireo mpitondra mpanao kitoatoa

Tapaka connexion 2

## Any amin'ny cyber no manao asam-panjakana ny RNM sy TVM


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 30 septambra 2021 Laharana 1215

Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Taksibe tapaka hisatra 6

## Nitera-doza nandona fiara 7 sy olona 2 teo Ambohijtovo

RMDM sy ny TIM 2

# Hetsika lehibe rahampitso zoma any Morondava



Fifanintsanana Mondial 2022 any Qatar 4


# Nivoaka ny lisitry ny Barea hihaona amin'ny RDC





Toamasina, lavo ny andrarezina 4

# Nodimandy ny mpanao gazety Nestor Rasolofonjatovo




Fifaninanana hatsaran-tarehy sy endrika amam-bika 4

# Nellie Anjaratiana no hisolotena antsika amin'ny Miss World 2021



Fanakanana taksibrosy tany Ilaka Centre 6

## Bandy sy sipan'i Betafo no anisan'ny tompon'antoka

Baolai 7

## Maro entana avo lenta manampy amin'ny fiainana andavanandro

**Daka kely**

Ngah sipa ialahy ry Boaikely no nahazo loka tamin'ny fandrindram-piterahana a !

RMDM SY NY TIM

# Hetsika lehibe rahampitso any Morondava

Hanao hetsika lehibe any Morondava faritra Menabe rahampitso zoma, ny vondron'ny mpanohitra RMDM: Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, sy ny antoko TIM: Tiako i Madagasikara, izay ao anatin'ny RMDM ihany koa. Rahampitso zoma maraina, hanao fameloma-maso sy fanabeazamboho ny antoko TIM ny ao an-drdenivohitry ny faritra Menabe, ny tolakandro kosa, hanao fikaonandoham-paritra toy ny tany amin'ny faritra Vakinankaratra ny any an-toerana. Ny anton' ireo hetsika roa an'ny vondron'ny mpanohitra ireo dia satria misy zavatra mila toherina amin' izao fitantanana ny firenena ataon'ny fitondrana Rajoelina izao. Hasongadina mandritra izany, fa ny RMDM sy ny TIM dia tsy mpanohitra be fahatany, fa efa manana ny vinan'asa miainga amin'ny zava-misy eny ifotony ary vonona haka fahefana amin'ny fotoana rehetra. Ho hamafisina mandritra izany koa ireo fehin-kevitra tamin'ny fikaonandoha nasionalin'ny RMDM teny amin'ny Bypass, anisan' izany ny tokony hametrahan'izao fitondrana izao fialana, satria tsy mitsinjo ny tombontsoam-bahoaka, nefa ny vahoaka no tompon'ny fahefana izay indramin'izy ireo. Ho an' ny antoko TIM indray, manamafy ny fototra izy ireo: mamondrona ny hery, mamerina ireo mpikambana teo aloha hiditra ambala indray, manamafy ny fitazonana ireo ao anatiny amin'izao fotoana, ary miantso ireo any ivelany, hiditra hanatevina ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity, izay antoko anisan'ny lehibe indrindra eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Ho faran'ny herinandron'ny politika mafana, toy ny toetr'andro any an-toerana noho izany ny any Morondava.



*Ny tanànan'i Morondava, renivohitry ny faritra Menabe.*

***Isambilo***

Alain Andriamiseza

# Tsy azo ekena intsony ireo mpitondra mpanao kitoatoa

Vahiny tao amin'ny fandaharanaa Miara-Manonja tao amin'ny Radio Mada, ny Radio sy ny Televiziona MBS omaly ny filoha lefitry ny vondron'ny mpanohitra RMDM amin' ny Faaritanin'Antananarivo, Alain Andriamiseza. Anisan'ny nambarany tamin'izany, fa tsy azo ekena intsony ireo mpitondra mpanao kitoatoa amin' izao fotoana, tarihan'ny filoha Andry Rajoelina. Nambarany fa efa halohalika ny ranombary, ka tsy azo ekena intsony izao zava-misy eto amin'ny firenena izao, fa mila mandray andraikitra ny tsirairay, satria rehefa mitambatra dia tsy misy mahatohatra ny onja ary izay lalana manakantsakana ho any amin'ny tena fampandrosoana marina no fahavalo. Tsy mahalala izay laharam-pahamehana ihany koa izao fitondrana Rajoelina izao hoy izy. Nosoritany fa betsaka loatra ny kitoatoa sy asa tsy milamina ataon'ny mpitondra, hany ka very fanahy mbola velona ny Malagasy. Ny vahoaka anefa no tompon'ny fahefana, ka rehefa tonga ny fotoana hiarahany manonja dia tsy misy hahasakana izany.



*Ny filoha lefitry ny RMDM Antananarivo, tao amin'ny fandaharana Miara-Manonja.*

Goragora sy kitoatoa ihany koa ny fitantanana misy eto, tahaka ireny tany tsy misy mpitondra ireny. Amin'ny fomba ahoana moa no nananan' ny sivily "arme de guerre"? Mampiseho ny maha kitoatoa ny fitantanana sy ny tsy fitohizan'ireny raharaha fitifirana nitranga teny Ambatobe ireny izany, satria dia natao vita vita ho azy teny, hoy ihany ny filohan'ny antoko MCDM ihany koa.

Mombaa ilay minisitra tsy mahay teny Malagasy eto, amin'ny fomba ahoana no haneken'ny maalagasy an'izany? Mazava tsara anefa ny voalazan' ny lalam-panorenana ny amin'ny fifehezana ny teny Malagasy. Ary tsy hisy Frantsay hanendry na firenena hafa hanendry Malagasy hitantana ny fireneny tahaka izao misy eto amintsika izao, hoy ity mpanao politika ity. Mahakasika ny teleferika, fa maninona no tsy ireo fiara fitateram-bahoaka no hampiana dia hampidinina ny sarany, fa tsy mamorona zava-baovao izay lafo lavitra noho ireo kanefa ireo aza mila tsy ho takatra?

Misy ministra miteniteny foana koa hoy i Alain Andriamiseza, izay nilaza fa tsy tafiditra ao anaty tetibola ny kere, mety hisy hilaza koa izany fa tsy tafiditra amin'ny tetibola koa ny rivodoza atsy ho atsy.

Volam-bahoaka no ampiasaina, kanefa any amin' ny tsy tokony ho izy avokoa no alehany.

***Niaina***

Fernand Cello

# Tapaka connexion, any amin'ny cyber no manao asam-panjakana ny RNM sy TVM

Mitondra fanehoan-kevitra momba ny haino aman-jerim-panjakana ny RNM sy TVM ny mpanao gazety Fernand Cello. Ambarany, fa toa tsy mandoa vola, kanefa misy dokam-barotra ny Emission Matinale, na ny fandaharana vao maraina ao amin'ny fahitalavi-pirenena TVM. Tsy vao izao no nitranga ny toy izao hoy Cello, fa efa nisy izany teo aloha, mpiara-miasa tamin'ny minisitra teo aloha no nalefa am-ponja, noho ny fitantanana tsy mazava, ka isan' ireny ilay fandaharana Mazava Atsinanana tamin'izany. Ankehitriny dia re ihany koa hoy izy, fa tsy mandoa vola ny orinasa tsy miankina iray izay manao ny Fandaharana "Matinale ",fa toa rehefa mitsahatra hono ny fifanaraham-piaraha- miasa dia ho lasan'ny TVM ny fitaovana rehetra. Fa angaha moa tsy volam-panjakana no nividianana ireo fitaovana? Hoy ity mpanao gazety ity. Azo heverina fa mety ho tsy mandoa vola ilay fandaharana kanefa angalana vola aty ambadika. Tsara ho fantatry ny rehetra aloha fa misy dokam-barotra ireny fandaharana ireny. Tokony hirotsaka ao amin'ny caisse ny Ortm ny vola , sa ve lasan'ny mpanao fandaharana? Ny toy izany hoy izy, no nampigadra an'ilay olona akaiky ny minisitra teo aloha, ka nahazo sazy an-terivozona. Re ihany koa ankehitriny, fa na ireo fitaovana vaovao, izay nomena tamin'ny volana oktobra 2019 hanatsarana ny kalitaon'ny asa aza moa lasa olom-bitsy no mampiasa azy, ny efitrano tokony hampiasain'ny rehetra dia bahanan'ilay tsy miankina, hany ka miafiafy ireo mpiasa . Hatramin'ny connexion tapaka ao amin'ny TVM sy ny RNM, ka lasa mandeha any amin'ny cyber ny mpiasa no manao ny asam-panjakana.



*Ireo fitaovana raitra ao amin'ny TVM sy ny RNM, izay toa tsy isitrahan'ireo mpiasa ao akory.*

Ny zavatra hita aloha tato ho ato, mi-style, na mandeha amin'ny fiaramanidina: jet privé Ramatoa ministra Lalatiana Andriantogarivo Rakotondrazafy sy ny ekipany mametraka ny antokony dia ny antoko Freedom, ka sao laniny amin'izany ny volan'ny ORTM, ka na hatramin'ny fahana hanaovana internet aza tsy misy ho an'ny mpiasa. Tsy mbola nisy toy izany hatramin'izay nanaovana, hoy ny fitenenana iray izay koa.

***Niaina***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Resaka fifamoivoizana

## Mitaredretra ny fitondrana Rajoelina izao vao manapa-kevitra

Mila manamboatra saina ity fitondrana Rajoelina ity, fa tsy mahay mamaha ny olana raha tsy efa mipoitra ny olana samihafa manjo ny vahoaka, sy rehefa misy ny fahafatesan'olona. Nambara, fa tsy taitra izy raha mbola omby tondro ny rovitra. Tsy misy miraika amin'izay izy rehetra. Fa rehefa miitatra ny fahavoazana vao mikoropaka sy mody maneho fihetsika ho ren-tany ho ren-danitra hamitahana ny olom-pîrenena. Miseho izany tamin'ireo loza nifanesy tamin'ny lalam-pirenena tato ho ato ary namoizana ain'olona maro. Efa nisy anie izany taona vitsy vao tsy ela izay, toy ny namoizina ireo zaza mpianatra teny Mahitsy, fa tamin'ireny mody nikoropaka ny tomponandraikitra dia vita teo avy eo. Dia taorian'izay, toa nilamindamina.

Efa nambara mandrakariva, fa ity fitondrana Rajoelina ity tsy mihetsika raha tsy misy zavatra lehibe mihetsika ary mahakasika ny sezany sy ny tombontsoany manokana. Fa raha mahatohina ny vahoaka dia fihatsarambelatsihy fotsiny ihany. Ny toe-javatra mifandraika amin'ny fifamoivoizana dia tena mitaredretra izao fitondrana izao vao manapa-kevitra. Miseho mazava tsara izany ankehitriny. Efa impiry no nisy sehon-javatra namoizina ain'olona tamin'ireo lalam-pirenena, fa mba nanisy teny na kely aza amin'izany ve ny filohan'ny Repoblika ? Efa im-piry no nilazana fa tsy manao ny asany tanteraka ny tomponandraikitra eo anivon'ny minisiteran'ny fitaterana an-tanety sy ny antokon-draharaha misahana ny fifamoivoizana an-tanety na ny ATT, fa tsy nisy fandraisana andraikitra ny amin'izany. Izany hoe, miara-mitsikombakomba amin'ireo mpitatittra na ny tompon'ny fiara na ireo mpamily sy mpiaramiasa aminy izy ireo ? Efa miseho ny loza, ireo tomponandraikitra misahana ny fitaterana vao mody mamoaka fepetra samihafa isorohana ny loza. Tsy midika ve izany fa tena tsy fahaizana ny andraikitra ? Ilay fepetra raisina indray avy eo toa antematemaka be ihany, satria tsy eo amin'ny fiaingàna anie no itarafana ny loza, fa any am-pandehanana efa mandeha mafy ireo fiara. Ny fototry ny olana izany dia any amin'ireo tompona fiara sy kaoperativa. Olana tsy voavaha mazava io hatreto.

Eto an-toerana, dia ambara mandrakariva, fa tsy miasa ary tsy mahavita ny asany io ATT io, ka tokony hosoloina hatrany amin'ny tomponandraikitry ny minisitera misahana ny fitaterana an-tanety. Matimaty foana ny olona. Tomponandraikitra amin'ny fahafatesan'ireo mpandeha ny eo anivon'ny minisitera sy ny ATT ary ny kaoperativa miandrakitra azy. Tokony ho antontan-taratasy lehibe iray izany tokony hiakatra eo anivon'ny fitsarana. Fa mirehaka ho tompon-daka amin-javatra tsy dia laharam-pahamehana loatra ny filohan'ny Repoblika, fa tena ampangaina amin'ny sehatry ny fifamoivoizana hamoizana ain'olona marobe. Tsy manan-tsiny ireo amin' ny ankapobeny, fa noho ny tsy fahaizan'ny fitondrana mifehy izany no olana.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Mpamatsy vola: tsy matoky mpitondra « mavovava »

Mihebohebo ny gazety mpomba izao fitondrana izao, fa « endriky ny fitokisan'ny FMI ny filoha'ny Repoblika Rajoelina, no nahazoana ny vola 332 tapitrisa dolara ». Tsara marihana anefa fa tsy vola hirotsaka mivantana ao amin'ny Banky Foibe io vola voalaza io, fa "Droits de Tirages Spéciaux" (DTS), ka miankina amin'ny antotan-taratasy (dossiers) momba izay tetikasa ho tanterahan'ny fitondrana no hivoahan'ny vola. Efa latsaka an-katerena ny firenena, ka vola natao hanampiana ny tahirimbola vahiny amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara izany. Kely io azontsika io miohatra amin'ny firenena hafa, satria miankina amin'ny latsakemboka narotsatsika tao amin'ny FMI, na antsoina hoe : quote part no azon'ny firenena tsirairay.

Tsy marina koa ny nolazain'ny filohan'ny Repoblika fa ny ampitson'ny fanambarana ihany dia efa azo ampiasaina ny vola fa tsy hiandry herinandro akory. Omaly ihany anefa dia efa nazava, fa nentina nanamarinana ny fanafarana sambo roapolo hitatitra ireo kojakoja ilain'ny mponina andavanadro (PPN) io filazana io. Araka izany dia tsy mazava mihitsy ny loharanom-bola nentina nanafatra izany. Efa nomena ny SPE (orinasa natsangan'ny fitondrana), hany mahazo manafatra entana avy any ivelany ny fanatanterahana izany. Tsy vao izao no nanambara izany fanafarana entana izany Rajoelina Andry, ka azo inoana fa tetika maizina efa nokotrehiny izao raharaha izao, ka naraotiny iny maribola voalaza tany Washington iny. Velomina ity orinasa mpandraharaha ity, fa vonoina kosa ireo mpandraharaha matihanina efa nisahana izany hatramin'izay, satria azo inoana fa fanaovana ampihimamba (monopôle) tsotra izao no ataon'ny fitondrana. Tsy an'ny fanjakana velively ihany koa ity orinasa ity, satria raha izay no izy dia tsy misy fifaninanana ara-barotra eto amin'ny Firenena fa toy ny any amin'ny firenena kôminista. Tsy vitan'izay fa tsy mitsahatra ny mamahan-dalitra ny Malagasy Rajoelina Andry, satria tsy mahafantatra izay dingana tsy maintsy harahina sy ny pitsompitsony momba izany famatsiam-bola azo izany ny maro an'isa, ka sahiny ny manodinkodina ny marina. Bodoiny rahateo koa ny onjampeo sy fahitalavi-pirenena izay hany mahasahina ny Firenena iray manontolo hamafazana izany lainga tsara lahatra izany. Handrimbona vola any amin'ny sampandraharaha iza indray ny mpitondra hanofana izany sambo miisa roapolo izany, sy ny hividianana izay vary sy zavatra ilain'ny mponina andavanandro dia soloina rehefa havoakan'ny Tahirimbola Iraisampirenena ilay 332 tapitrisa dolara. Toy izany mantsy ny fanapahankevitr' i Rajoelina Andry tamin'ny nananganana ny Kianjan'ny "Barea", satria tsy nahandry ny vola avy any amin'ny FIFA izy. Mbola maizimpito hatramin'izao ny loharanombola nentina nanaovana io Kianja Barea io. Araka ny kabariny tamin'ny fiverenany teto an-tanindrazana koa dia azo ampiasaina avy hatrany io vola avy any amin'ny Tahirimbola Iraisam-pirenena io. Marina fa efa voatokana ho an'i Madagasikara io vola io (tsy ho an-dRajoelina Andry) ary hanaovana izay fampan-drosoana ny Firenena sy ny vahoaka taorian'ny valanaretina covid-19. Fotoana vitsy lasa koa izay dia efa nanambara Rajoelina Andry, fa hanafatra sambo miisa roapolo hitatitra vary sy kojakoja ilain'ny mponina andavanandro. Ny fanontaniana mipetraka dia vola avy aiza ary avy amin'ny sampan-draharaha iza no halaina indray satria raha ny marina dia tsy ho rahampitso velively araka ny kabarin-dRajoelina Andry dia hivoaka izany vola izany. Na izany na tsy izany dia tsy vahaolana amin'izao tooedraharaha iainan'ny vahoaka Malagasy izao ity fanafarana entana avy any ivelany ity, satria mamono sy mambotry ny tantsaha mpamokatra ary tsy hahavita taona izay hafarana avy any ivelany. Toa manam-bola ihany koa izao fitondrana izao raha ny dehaky ny filohan'ny Repoblika tamin'ny kabariny tao amin'ny Firenena Mikambana, satria nahatsangana kianja filalaovam-baolina goavana, sns,… Toa tsy mahafantatra Rajoelina Andry, fa misy masoivohon'ireo Firenena Mikambana sy ny mpiara-miombon'antoka anie eto Madagasikara ary mahafantatra ny zavatra mitranga rehetra eto. Ny fotodrafitrasa tokony hatsangan'ny fitondrana dia ozinina manodina ny vokatra misy any amin'ny Faritra any. Lasan-ko vavany fotsiny mantsy ilay kabary nataony tany amin'ny Faritra Vakinankaratra hoe "hanangona ny vokatra, legioma sy voankazo any ny fanjakana ary hanangana ozinina hanodinana azy ireny". Mamorona asa ho an'ny mponina ihany koa izany, ka hampivoatra ny fari-piainany sady hitondra fandriampahalemana any an-toerana. Ny andrimpanjakana mpanao lalàna no manaiky na mitsipaka ireny findramam-bola ireny, ka asa raha ho sahy handany ilay findramam-bola amin'ny frantsay hametrahana ny "téléphérique" ny depiote. Raha ny hita any amin'ny tambazotran-tserasera dia fiantsonan'ity fitaterana ity ilay fotodrafitrasa hatao eo Ankorondrano, mifanatrika amin'ny Henri Fraise, ka vola avy aiza indray no namatsiana izany kanefa ny nindramina tany Lafrantsa mbola any ankibon'ny omby?

***Andry Tsiavalona***

## TONONKALO

### TONELINA TSY MISY FARANY

Hatreto aloha dia tsy hitanay izay vidin-javatra mba mihena.
Mainka toa misondrotra aza raha jerena ny eny an-tsena.
Rediredy ilay "telo andro" nolazaina tany aloha,
No sady manamafy indray fa tsy to teny ny filoha !

Angaha dia resaka an-databatra ny fitondrana firenena,
Ka anaovam-bava tsy ambina na koa fandokafan-tena?
Mila midina eny ifotony ireo mitonona ho mpitarika.
Tsy mitazantazam-potsiny fa manome ny toromarika !

Tena tokony ho hita taratra ny fandraisany fepetra,
Ny amin`ireo mpanafina entana , mpanao bizina voretra.
Indrindra iretsy "bory satroka" malaza ho mahay mivarotra,
Ary dia manararaotra rehefa tonga ny andro sarotra.

Tsy araka ny hoerahoeran`ny filoham-pirenena,
Fa hatreto aloha dia `zao : ny vidin-javatra , tsy mihena.
Iretsy sambo angamba sisa no andrasana atsy ho atsy,
Saingy ho kobaka indray sa tena mba hitondra vatsy ?

Ankehitriny ireo tantsaha no indreo baikoina sy terena,
Mba hampidina ny vidin`ireo vokatra volena.
Izany no mba tetikadin`ny mpitondra tsy misaina .
Ireo madinika hatrany no kendaina sy gejaina !

…Fa hatreto aloha ny gasy , miaina anaty fahantrana.
Tompon`antoka tanteraka ny ao anaty fitondrana.
N`inona n`inona holazain` Andriamatoa filoha Rajoelina,
Dia vao mainka tena maizina sady lava ny tonelina !

***TSIMIMALO (29-09-21)***

**VAOMIERA NASIONALY NOSY MALAGASY**

# Tsy ekena ny fiaraha-mitantana ny Nosy Malagasy amin'ny Frantsay

Manohitra hatramin'ny farany ny fiaraha-mitantana amin'ny Frantsay an'ireo nosy Malagasy, izay tanim-pirenena, ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera Nasionaly ho an'ny Nosy Malagasy (VNNM). Nilaza Profesora Rasolofo René, mpikambana no sady mpitondra tenin'ny Vaomiera Nasionaly ho an'ny Nosy Malagasy, fa tsy misy fiandrianam-pirenena ho an' ny fanjakana Malagasy, raha toa ka hiverin-dalana hanao fiaraha-mitantana an'ireo nosy Malagasy miaraka amin'ny Frantsay ny fitondram-panjakana ary mampiahiahy ny olom-pirenena hoy ity farany ny fanehoan-kevitra nataon'ny filoham-pirenena nandritra ny fandraisam-pitenenana nataony manoloana ny Firenena Mikambana, fa hanao zavatra hampitambatra ny firenena roa tonta ity farany, fa tsy hampisaraka manolona ny fitantanana ny "Iles éparses". Nanamafy ny Profesora Rasolofo René, fa ahiana hirona mankany amin'ny fiaraha-mitantana an'ireo nosy Malagasy ny fifampiresahana mandeha amin' izao fotoana izao ary tsy hisy fanohanana an'i Madagasikara avy amin'ny firenena matanjaka na vondrona fanjakana intsony mikasika ny fitakiana an'ireo nosy Malagasy ireo, raha toa ka fantatr'ireto farany fa hifampiraharaha amin' i Frantsa ny Malagasy amin'ny fitantanana ny "Iles Epares". Ankoatra izany, nanamafy ity mpitondra tenin'ny VNNM ity, fa tokony ho sahy hanohitra ny fanjakana Frantsay sy ny fitondram-panjakana, amin'ny fiarahamiasa momban'ny tetik'asa "Télépherique", izay tsy laharam-pahamehana ho an'ny Malagasy akory ary tokony ho sahy hijoro hitaky ny famerenana an'ireo nosy Malagasy, fa tsy ho faly handray vola amin'izay fifanarahana ataon'ny firenena roa tonta, hany ka tafiditra amin'ny fandrika lalina avy eo. Namarana ny fanehoan-keviny ny Profesora Rasolofo René, fa tokony hialana ny fomba fisainana milaza fa tsy manana tanjaka ara-tafika hifanandrina amin'i Frantsa i Madagasikara, manoloana ny fitakiana an'ireo nosy Malagasy, satria manao tsinontsinona ny Foloalindahy Malagasy izany fomba fisainana izany ary tokony ho saro-pady ho an'ny Ministeran'ny Raharahambahiny ny tombotsoampirenena amin'ny sahan' asa izay iandreketany,



*Ireo mpitarika ny VNNM.*

manoloana ny famerenana an'ireo nosy ireo, fa tsy hanome vahana ny firenena vahiny. Tsiahivina fa efa nanambara ny firenena Rosianina sy ny vondrona Afrikanina ary ny vondrona "Sadc", fa an'ny Malagasy ireo nosy Malagasy ireo, ka tokony hanao ezaka fanentanana sy fanohanana any amin'ny Firenena Mikambana, ho famerenana ny "Iles éparses" ho an'ny Malagasy ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao.

***Franck Razakambelo***

TOAMASINA, LAVO NY ANDRAREZINA

# Nodimandy ny mpanao gazety Nestor Rasolofonjatovo

Fanaovan-gazety sy haino aman-jery any Toamasina, lavo ny andrarezina, nodimandry omaly ny mpanao gazety sady tale ny Radio sy Televiziona tsy miankina tany Toamasina, FMA: Feon' ny Mazava Atsinanana, Nestor Rasolofonjatovo. Misaona noho izany ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety eto Madagasikara sy any Toamasina. Mpanao gazety nanana ny naha izy azy koa izy fony fahavelony. Niasa tao amin'ny Radio Madagasikara sy ny Televiziona Malagasy tany Toamasina izy dia ny Lakana Tsara Vôha. Anisan'ny nahafantarana azy koa ny fandaharana: Ankizy Avahizo. Niala tao amin' ny Radio Madagasikara sy ny Televiziona Malagasy Toamasina, haino aman-jerimpanjakana izy dia lasa talen'ny Radio sy ny Televiziona tsy miankina FMA: Feon'ny Mazava Atsinanana. Mpanao fanatanjahantena ihany koa Nestor fahavelony, efa tompondakan'i Madagasikara tamin'ny taranja athletisma izy tany Toamasina tamin'ny fotoan'androny. Any Toamasina ny nofo mangatsia- kany. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

**Stefa**



*Nestor Rasolofonjatovo fahavelony.*

Fifaninanana hatsaran-tarehy sy endrika amam-bika

# Nellie Anjaratiana no hisolotena antsika amin'ny Miss World 2021



*Nellie Anjaratiana, hisolotena an'i Madagasikara any Puerto Rico.*

Nellie Anjaratiana, no hisolotena an'i Madagaasikara amin'ny fifaninanana momba hatsaran-tarehy sy ny endrika amam-bika, na ny Miss World 2021, fifidianana izay tovovavy tsara tarehy sy endrika amam-bika indrindra eto amin'izao tontolo izao amin'ity taona ity. Tontosa tamin'ity herinandro ity, teny amin'ny Biraon'ny SOCIETE MISS MADAGASCAR, ny famenoana ireo antontan-taratasy avy any Londres, izay nataon'i Nellie Anjaratiana Miss Madagascar 2020, hanomanana ny fifaninanana MISS WORLD 2021, izay hatao any Puerto Rico amin'ny faramparan'ity taona 2021 ity. Efa maro ireo làlana tsy maintsy nolalovan'i Nellie mialoha ny nahatongavany amin'izao dingana lehibe izao, toy ny fanaovana asa soa manerana ny Nosy. Fantatra koa, fa voaloa 100% ny "Droit de Licence" an' azy.

**Aly**

Fifanintsanana Mondial 2022 any Qatar

# Nivoaka ny lisitry ny Barea hihaona amin'ny RDC

Nivoaka omaly ny listry ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny baolina kitra, ny Barea an'i Madagasikara, hihaona amin'ny RDC amin'ity volana oktobra ity, amin'ny fifanintsanana amin'ny Mondial 2022 hatao any Qatar. Namoaka izany lisitra izany ny FMF: Federasiona Malagasy amin'ny baolina kitra, mbola Eric Rabesandratana ihany no mpanazatra, misy mpilalao roa vaovao: Sacha milalao any Etazonia, sy Fabrice milalao atsy amin'ny Nosy La Réunion.

**Lita**




## Sakafo Ny Valosoa



**Sofin-kisoa sy petit pois** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, sy ro matsatsona anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fitahirizina voatabia tsy ho simba mandritra ny fotoana ela




Fomba fitahirizana voatabia tsy ho simba mandritra ny fotoana ela indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Rehefa sômasôma ny voatabia dia hotazana, izy mafimafy tsara iny.
Mila lavenona avy amin'ny fatana afo kitay iny, atao maina tsara ny andro vao afaka ampiasaina.
Alaina ny voatabia dia alahatra anaty baoritra maina dia raharahana lavenona, atao tsy mifampikasoka ny tsirairay dia vita. Atao amin'ny toerana maina, saingy tsy tratran'ny main'andro be. Mety haharitra 8 volana ny voatabia tsy simba, tsy malemy ary tsy lo.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Andranofasika any amin'ny distrikan'Ambato Boeny faritra Boeny

Ny tanànan'Andranofasika any amin'ny distrikan'Ambato Boeny faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andranofasika ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'Ambato Boeny. Mbola tsy dia tena avo toerana izy, satria 97 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any amin'ny faritra atsimo atsinanan'ny faritra Boeny no misy azy. Lalovan'ny lalampirenena faha-4 mankany Mahajanga ny tanànan'Andranofasika. Avy eo koa no sampanan-dalana mihazo an'Ambato Boeny, miala ny lalampirenena faha-4. Vokatra any ny vary, ny voankazo isan-karazany toy: ny manga, ny mahabibo, ny voasarimakirana,… Ankoatra izany, ao amin'ny kaominina Andranofasika, no anisan'ny misy ny valan-javaboaharin'Ankarafantsika.



## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Hoy Jesosy taminy: Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako."*

***Jaona 14:6***

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Fanafarana entana 20 sambo : famonoana ireo tantsaha sy mpandraharaha Malagasy



**Miary Rasolofoarijaona :** Iasa ny saina,
*Olana/Problème: miakatra ny vidimpiainana ka tsy mahavidy ireo entana miparitaka eny amin'ny tsena maro intsony ny malagasy;
*Vaha olana/Solution: hanafatra entana maro be (Sambo 20) avy any ivelany isika dia hamidy mora
*Olana vaovao 1: ho faty tsy hisy hanjifa zany ny entan'ireo mpamokatra eto an-toerana izay ambara fa lafo, ary ho faty koa zany ireo mpandraharaha eo amin'ny fanafarana entana, satria efa ny fanjakana no manao concurrence "deloyale" (vente à perte).
*Olana vaovao 2: Rehefa lany ireo entana nafaran'ny fanjakana ireo, izay niteraka fivoahan'ny tahiry vola vahiny, dia manafatra indray zany. Dikany mivoaka ny tahiry vola vahiny nefa tsy ahazoana tombony dia maty ilay toekarena (Balance commerciale déficitaire). Mba ho tafavoaka ihany ve ity firenentsika ity? Iza no tena tompon'andraikitra amin'izao fahasahiranana be izao? Samy soa.

**Be Tovo :** misy tsakotsakoina!

**Jeannot Razafimanana :** tena famonoana ny opérateur sy ny tantsaha Malagasy eto an-toerana mihitsy izao ataon-dRajoelina sxy ny forongony izao. Mbola maneho ny tsy fahaiza-mitantanan'ny fitondrana Rajoelina ihany ny toy izao.

**Tahina Rabeson :** resy lahatra aho, fa tsy mba mijoro amin'ny heviny ireo manam-pahaizana ao amin'ny fitondrana, fa dia manao OUI OUI Mr mba hitazomana ny seza!

**Rivonala Razafison :** Tahina Rabeson : dommage !

**Boniface Zakhah'Eli :** tsy mimoehy vogny oooh.. hihihi !!

**Saaza Erick :** mampalahelo anie e, vahaolana manitatra olana no misy. Raha aretina lay izy dia mitady ho cancer zany. Solution tapahana ny fototry ny olana.

**Andry Raph :** fa manokatra fifaninanana eo @ TOLOTRA sy TINADY kosa ilay solution an, ho voa ry mpanao speculations.

**Rivonala Razafison :** Andry Raph : mora fehezina ny speculation raha tena misy ny fandraisan'andraikitra.

**Rakotolahy Joseph Ernest :** vaha olana kitoatoa tsy mijery lavitra, fa entanin'ny populisme fotsiny ihany. Dia hanao androrosy indray hoe tsy hanampy indray ve ny mpamatsy vola iraisam-pirenena? Na fampiharana ny "après moi le déluge !"

**William Randriamahaleo :** tena mbola hilentika raha avela eo ihany ireo mpitondra ireo.

**Odon Rasoamanana :** William Randriamahaleo : ianareo mianakavy mpanohitra aza toa mifanipaka miady an-trano, miady samy te ho leader. Ny fifidianana @ 2023 efa akaiky, hatram zao mbola tsy hita hoe iza no hifaninana @ zandry kely, refa resy avy eo lazaina fa doublons indray e ...

**Andrian Port :** Odon Rasoamanana: Ravalo no adve fa aza mitady olonkafa. Iny ihany no afaka mifaninana amin zandry kely voalazanao.

**William Randriamahaleo :** Odon Rasoamanana : iza sy iza amin-dry zareo mpanohitra moa izao no mifanaritaka imasom-bahoaka toa ireny hitantsika farany nitifiran'olona iray ny mpiaramiasa amin'ny vadin'ny olona ambony be ireny ? ny fitondrana no miady antrano sy manaotao foana!

**Odon Rasoamanana :** Andrian Port : Ra8 tsy mahandry 2023 fa efa voafidy ao @ fb izy!

**Odon Rasoamanana :** William Randriamahaleo : Ra8 zany tsy izy intsony e. Rivo Rakotovao zao no mitily io toerana io.

**Andrian Port :** Odon Rasoamanana: adversaire malefaka no ankalazainareo ko. Rivo Rakotovao ve hanana popularité noho Ra8. aza adino fa 42% Ra8 farany teo. Tamin'ny doubloon io, dia ho 8% fotsiny ve ireo olona diso fanantenana amizao?

**Andry Ranaivo :** miha-sarotra andro amanalina ny fiainana.

**Rado Djo Rabemananjara :** hatramin'ny vao teo ity régime ity dia zavatra petatoko fôna no hita teo , solution tsisy mandeha @ zay laoniny , haitraitra fotsiny. Dia gaga enao hoy ilay mpamakafaka politika lasa eo @ fitondrana @zao.

**Mbinintsoa Ranaivoson :** Rado Djo Rabemananjara : mangina!

**Dina Ranaivoson :** nisy crise sanitaire teo... Mila solution hi-stabiliser prix aloha... Entana 20 sambo tsy haha saturé marché akory...

**Gaston Ramahafaly :** hita mihitsy hoe: tsy manana solution maharitra amin'ny olan'ny mponina mihitsy ny fitondran-dRajoelina, fa vahaolana vonjy tavanandro sy peta-toko foana, ny ongotana no mety aminy.

### Hazakazaka "Semi trail 70 km UTOP

## Tompondaka i Angela Acd sy Hobilalaina Cospn

Voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny taranja atletisma "Semi trail 70 km UTOP 2021", ny mpihazakazaka vavy Angela avy any Diana, sy ny mpihazakazaka lahy Hobilalaina avy eto Analamanga. Fifaninanana izay notontosaina tamin'ny alahady 26 septambra 2021 lasa teo, niainga tany Mantasoa Manjakandriaana, ka nifarana teny Ambatobe Antananarivo. Izy ireo no nisongadina tamin'ireo mpifaninana an-jatony nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity. Vokadalao azo rehetra : -Sokajy vehivavy 1ère Angela club ACD Diana, 2e Vero COSPN Analamanga, 3e Volatiana. -Sokajy lehilahy: 1er Hobilalaina COSPN ANALAMANGA, 2e Victor ASPTT ANALAMANGA, 3e Tojo Garage Radom ANALAMANGA.



*Fanolorana amboara teny Ambatobe.*

***Rainilita***

### Rugby tompondaka federaly 2

## Hisy lalao any Ambohitsilaozana sy any Toamasina

Hitohy amin'ny faran'ny herinandro ho avy izao ny fifaninanana rugby fiadiana ny ho tompondaka sokajy federaly 2, ka hahitana lalao eny amin'ny kianja Jiaspasika Ambohitsilaozana, sy any amin' ny kianja "Stade Stella Maris Toamasina", hiaraka amin'ny fifaninanana fiadiana ny amboara "Coupe de l'indépendance" ho an'ny sokajy U20 any amin'ity farany ity. Fandaharam-dalao federaly 2 sabotsy 02 ôktôbra 2021, eny amin'ny kianja "Stade Makis Andohatapenaka : 09:00-Soe Stade # Uscar 2 Commune, 11:00-Vtma Antsahalovana # Ftam Mandrangobato, 13:00-XV Family Vondrona # Asa Ambohimanarina, 15:00-Fbm Bemasoandro # Hiza 17 Angaranga-rana. Fandaharam-dalao federaly 2 alahady 03 ôktôbra 2021 eny amin'ny kianja Jiaspasika Ambohitsilaozana : 14:00-XV Gôna Alaotra Mangoro # Matadore Anosipatrana. Any amin'ny kianja "Stade Stella Maris Toamasina" : 13:00-Er Tanabiz # Academy Atsinanana (Lalao U 20 Coupe de d'indépendance 2021). 14 :30-XV Complices # Er Tanabiz (Rugby féminin Coupe de d'indépendance 2021). 15:30-Atsinanana Rugby # Fta Anjanahary.



*Rugby federaly 2 Malagasy.*

***Rainilita***

### Kolontsaina any Mananjary

## Hisy fifaninanana ara-panatanjahantena koa ny Sambatra 2021

Mandritra ny hanatanterahana ny hetsika Sambatra 2021, fanaovana famorana faobe ny zazalahy Antambahoaka, any amin'ny tanànan'i Mananjary faritra Vatovavy dia hisy ny hetsika fifaninanana ara-panatanjahantena "Sambatra Mananjary Milalao", hahitana fifaninanana "Course lakana" sy "Course kankana" ary ny hazakazaka « Relais pedestre », ho karakarain'ny mpikarakara any an-toerana, miaraka amin'ny Ambasadin'i Frantsa miasa eto amintsika sy ny Ans ary ny La Maison du Sport à Madagascar amin'ny alakamisy 21 ôktôbra 2021 ho avy izao. Ny fisoratana anarana sy ny fakana ny andinindinin'ny fifaninanana dia ao amin'ny CAPJ Mananjary, hanomboka amin'ny 01 ka hatramin'ny 15 ôktôbra 2021.



*Sambatra any Mananjary.*

***Rainilita***

TAKSIBE TAPAKA HISATRA

# Nitera-doza nandona fiara 7 sy olona 2 teo Ambohijtovo

Nitera-doza ny taksibe iray tapaka hisatra teo Ambohijatovo omaly tolakandro tokony ho tamin'ny 3 ora teo. Taksibe 119 io tapaka frein na hisatra io. Fiara miisa 7 teo alohany no nataony kaly. Vehivavy iray notereny tamin'ny fefin'ny zaridaina, vehivavy iray hafa voadona ka tsy nahatsiaro tena. Tsara ihany ny manao fitsirihana ny fiara mialoha ny hiasa ho an'ny taxibe, satria ny loza tsy mampilaza ka aleo misoroka. Aina rahateo no hoentina ry mpitatitra isany, ka tokony ho jerena hatrany ny maha tomombana ny fiara izay rehefa hiasa.

***Niaina***



*Lozam-pifamoivoizana tetsy Ambohijatovo omaly.*

Baolina kitra

# Rajoelina no fositra manapotika ny Barean'i Madagasikara

Andro vitsy sisa dia hiatrika ny lalao mandroso sy miverina ifanatrehana amin'ny Rdc ny mpilalao baolina kitra malagasy.
Efa iaraha-mahalala ny vokatra azo tamin'ireo lalao roa voalohany, fa dia faharesena indroa miantoana, mbola tsy mitoko ny mpilalaontsika raha efa samy nahavita ady sahala roa avy i Benin sy Tanzania ary Rdc, lalao efatra sisa no miandry antsika malagasy, noho izany dia tokony handresy hatrany na ady sahala farafaharatsiny ary tsy mahazo manao resy intsony amin' ireo lalao sisa.
Mikasika ireo lalao roa voalohany , izay nandraisan'iEric Rabesandratana an-tanana ny Barean'i Madagasikara dia voizin'ireo mpomba an-dRajoelina amin'ny kaonty fako, fa Eric Rabesandratana hono no fositra nahatonga ny faharesena, kanefa efa mibaribary fa ny hadedahan-dRajoelina no tena fototry ny faharesena, satria iza no tsy nahalala fa ny Alarobia alina mialoha ny lalao natao ny Alakamisy tao Mahamasina dia mbola nampireven-dRajoelina teny amin' ny Lapan'Iavoloha ireo mpilalao, raha ny tena izy ihany koa dia tokony ho niainga ny alin'ny Alakamisy taorian'ny lalao teo Mahamasina ireo mpilalao, saingy mbola notazonina nanatrika ny fitoka- nana ny Kianjabe efa nilalaovana ireo mpilalao, ka ny Alahady tamin'ny 2 ora maraina vao niainga teny Ivato, kanefa ny Talata tolakandro ny lalao, mazava izany fa tsy Eric Rabesandratana no fototry ny faharesena fa Ingahy Filoha sy ny hadedahany.
Ankoatran'ny tsikera miantefa amin'ny mpanazatra dia iaraha-mahita ny olana eo amin'ny Fmf sy Ingahy Filoha , ary noporofoin'Ingahy Filoha tamin'izy tafaverina avy any Frantsa nanatrika ny Medef tamin'ny alalan'ny vavabe, fa tsy hamelany mihitsy hono ny Fmf, ka ny raharaham-pitsarana nanenjehana an'i Raoul Rabekoto dia mampieritreritra, satria azo ampifandraisina amin'ny fandrahonana nataon'Ingahy Filoha ny zava-niseho.
Manapotika ny lalao haтrehan'ny Barea ny fanaovana ny fitsarana mialoha ny lalao, azon'ny fitondrana atao tsara ny manemotra ny fitsarana aorian'ny lalao saingy , tsy izay no natao fa nihazakazahana ny fanenjehana ny Filohan'ny Fmf .
Aleo ampahatsiahivina ny tantara, fa ny ezaka nataon'ny fitondrana tarihan'ny Filoha Rajaonarimampianina, no nahatafita ny Barea tany amin' ny Can, saingy rehefa tafakatra tamin'ny lalao tany Egypta ny Barea dia Ingahy Filoha ankehitriny no niseho ho tompon'ny fahombiazana, ary matoa resy lava ny mpilalaontsika taty aoriana dia noho ny fampiasana ny baolina kitra ho fitaovana politika nanatsara endrika ny filoha.
Mbola manana fanantenana isika malagasy, ka ny vahaolana dia tsotra ihany , tsy tokony hitsabaka sy hanao fitaovana ny baolina kitra intsony ny filohantsika.

***Ny Valosoa***

Basikety "Skills Challenge U15 2021" eran-tany

# Ao amin'ny Vondrona C sy vondrona F ny Ankoay Malagasy

Ao amin'ny Vondrona C no misy ny Ankoay sokajy U15 vehivavy Malagasy miaraka amin'i Israel, Syrie ary i Argentine ary ao amin'ny Vondrona F kosa no misy ny Ankoay sokajy U15 zazalahy Malagasy miaraka amin'i Nouvelle-Zelande, Venezuela ary Israel, eo amin' ny fifaninanana fiadiana ny ho tompondaka erantany amin'ny "SKILLS CHALLENGE U15 2021", ho tontosaina amin'ny 9 sy ny 10 Oktôbra 2021 ho avy izao. Mialohan'izany aloha dia hamarana ny fifaninanam-pirenena 2021 eo amin'ny taranja basikety ny FMBB Malagasy, ka hikarakara ny fifaninanana sokajy N1A lalao dingana faharoa sy ny lalao Famaranana, izay hizotra ao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy ny Fanatanjahantena Mahamasina ny 02 ka hatramin'ny 10 Oktôbra 2021 ho avy izao.

***Rainilita***



*Ny Ankoay U15 lahy sy vavy 2021.*

Fanakanana taksibrosy tany Ilaka Centre

# Bandy sy sipan'i Betafo no anisan'ny tompon'antoka

Nalaza ratsy teto amintsika andro vitsivitsy lasa izay, ilay fanakanan-dalana taksibrosy efa ho 50 mahery, tany Ilaka Centre distrikan'Ambositra, faritra Amoron'i Mania. Fantatra ankehitriny, fa bandy sy sipan'i Betafo avy any amin'ny faritra Vakinankaratra no tompon'antoka. Olona miisa 04, "Bandin'i Betafo" 3 sy vehivavy 1 hatreto no voasambotra, voarohirohy ho tompon'antoka tamin'ny fanafihana taksiborosy tany amin'ny làlam-pirenena fahafito, kaominina Ilaka Centre ny alin'ny 18 septambra 2021 lasa teo. Ny iray amin'izy ireo no voaporofo, fa nandray anjara tamin'ny fanafihana raha mpiray tendro ilay vehivavy, ary ny roa lahy ambiny kosa mpanafina sy mpandray halatra. Nisy ny fanaovana "réquisition", mba hahafahana mahita ireo finday lasan'ireo dahalo nandritra izany, ka tany Betafo no nahitana azy. Marihina fa misy lehilahy roa anadahin'ilay vehivavy voasambotra io migadra ao amin'ny fonjan'Antsirabe amin'izao fotoana, noho ny resaka fanafihana sy fanakanan-dàlana tany amin'ny faritra Vakinankaratra ihany. Araka ny angom-baovao dia tsy vao izao no nahalalana, fa tsy vitsy amin'ireo lehilahy avy ao Betafo, no mpanao asan-jiolahy any amin'ny RN34, RN35 sy RN7, hatrany an-drenivohitr'Antsirabe. Mbola mitohy kosa ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana momba iny raharaha iny.

***Stefa***



*Vato nanakan'ireo jiolahy lalana tamin'ny RN7.*

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety izao manaraka izao momba ny insecurité mirongatra be tato ho ato.
Aiza izao no mbola misy làlana mangina azo handehanana irery ka tsy voahendaka?
- Nijoro ni-telephone teo Antanimena ampitan'ny villa Pradon zà tam herinandro lasa, nanatona ahy ilay Securité, tandremo grand ouzi fa zone rouge eto an, andro am 10 ora maraina io.
- voahendaka ny mpianatra am 7:00 maraina eo Amparibe.
- Antaninarenina mody manao footing maraina ry lerony dia manendaka am 6:30 maraina.
- Ampandrana Ouest voahendaka ny nièce-ko andeha hody hariva am 6:30.
- Andohananalakely am 3:00 ora tolakandro, nisy namako voahendaka lasa ny peratra mariazy.
- Am 6:00 hariva poste 67ha voahendaka namana haka bus voahendaka.
- Tsimbazaza eo akaikin'ny Prefektora, sabotsy am 3:00 tolakandro, nisy vadina akama voahendaka.
*olona 5 fara fahakeliny ireo mpanendaka ireo mitondra antsy sy sabatra.
Mila fandraisana fepetra hentitra avy amin'ny mpitandro filaminana fa mijaly ny vahoaka.

***Hajaniaina Vévé Prince***
***Mpamaky gazety***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 25/09/2021 hatramin'ny 02/10/2021**

- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05 / 034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32 / 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65 / 034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com

NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1215-09-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TRANOMBAROTRA BAOLAI

# Maro entana avo lenta manampy amin' ny fiainana andavanandro

Eo amin' ny sehatra ara - toekarena dia maro ireo orinasa fanta - daza eto amintsika izay manavao ny tolotra omeny ny mpanjifa. Tsy diso anjara amin' izany ny Tranombarotra « Baolai » etsy Soarano , Analakely ary Bazar be Toamasina. « Hanampiana ny rehetra hanamaivana amin' ny rotoroto ny andavanandro dia maro isankarazany ny entana « 1er choix » sady vaovao ato aminay. Izay natao mifanaraka amin' ny filana sy ny fahefa-mividin'ny tsirairay hatrany », hoy ny tompon' andraikitra. Ao ny laser tv samihafa misy hatramin' ny 120 " , télé led ary Smart tv izay misy manomboka 32" hatramin' ny 85 " ( misy antoka 1 taona daholo), climatiseurs, fer à lisser (cheveux), Smartphone, réfrigérateur, cuisinière à gaz sy électrique, subwoofer, four micro - onde, amplificateur, machine à laver, panneaux solaires mono sy polychristalline, … Ny antsipiran'izany rehetra izany dia azo fantarina ao amin' ny site web, sy pejy facebook baolai ary ao amin' ny laharana finday 034 5628821 (ora fiasana). Dia hiavaka ao anatin'ny maro ny volana oktobra ho avy miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai ».

**Aly**




*Entana avo lenta, hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

Vola avy amin'ny FMI

# Na iza mpitondra teo dia hahazo izany avokoa

- Nigeria 3,5 milliards $
- Égypte 2,9 milliards $
- Maroc (1,3 milliard de dollars)
- Angola (1 milliard de dollars)
- RDC (1,5 milliard de dollars)
- Côte d'Ivoire 925,6 millions $
- Sénégal (460 millions $),
- Cameroun (393 millions$),
- MADAGASCAR 332 millions $
- Togo (208 millions de dollars)
- Tchad (199 millions de dollars).

*Ny anjara fanampiana azon'ny firenena Afrikana isanisany avy amin'ny FMI.*


Tsy hoe Rajoelina akory no nahay nifampiraharaha tamin'ny FMI, na ny Tahirimbola Iraisampirenena, fa na iza mpitondra teto amintsika na iza dia hahazo iny vola mitentina 332 tapitrisa dolara amerikana avy amin'ny FMI iny avokoa, satria zon'ny firenena mpikambana ao amin'ity sampandraharaha ara-bolan'ny Bretton Woods ity avokoa ny hahazo izany, araka ny latsakemboka nefainy, na quote part. Raha oharina amin'ny an'ny firenena Afrikana hafa aza, io vola azontsika tao aorian'ny krizin'ny valanaretina io dia kely ihany, satria ny an'ny hafa dia mahatratra an'arivony tapitrisa dolara, na miliara dolara ny an'ny firenena hafa, ho fanomezana aina indray ny volany tao aorian'ny krizy.

**Aly**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 367




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0366)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Mendrika | - Boa – Neny | - Maimbo | - Razana |
| - Avy | - Kianja | - Lao | - Iva – Ena |
| - Ilaozana | - Tao – Soa (miv) | - Niaraka | - Kinanjo |
| - Maria – AN | | - O.I – Io | - Saina (miv) |

### TENY MIFANAPAKA N° 367



**Mitsivalana**

**1.** Asa fanadiovana amin'ny angady **2.** Ikirizana **3.** Efaina arabola (miv) – Fotsy, mainty, mavo (miv) **4.** Marika (miv) **5.** Hazo maro – Mivoaka amin'ny vava (miv) **6.** Valam-parihy hoy Andrianampoinimerina **7.** Nandehanana (miv) **8.** Fanampin'anarana – Teny mandà (miv) **9.** Fitaovam-pantsakana (miv) **10.** Foto-tenin'ny manoratra

**Mitsangana**

**A.** Fisondrotana **B.** Menaka – Naoty **D.** Atakalonareo **E.** Hita amin'ny trano (miv) – Renirano **F.** Lasopy – Maniasia **G.** Bengy (BR) – Tsenabe **H.** Bibikely – Fosafosa – Anatin'ny hira **I.** Ankatoavina **J.** Tampisaka – Nahitàna **K.** Solika

### Valiny Teny mifanaraka 0366

**Mitsivalana**

1. Fonenana 2. Enina - Ti 3. Aina - Amboa 4. Ato - RN 5. Antitra - Ia 6. Nao - Rakoto 7. Amany - Ela (miv) 8. Na - Ako (miv) - Ina 9. Akarina (miv) - IF 10. Avo - Asa

**Mitsangana**

A Fiadanana B. Namana D. Nenitoa - IV E. Ena - (Lala sy) Noro F. Ny - Atrika G. Anatra - Aka H. Namoaka - AS I. Oly J. Toriteny K. Tianao - Afo

ILONTSERA Media Matters Madagascar Observatoire des Médias et de la Communication

CRAAD-OI Centre de Recherches et d'Appui pour les Alternatives de Développement - Océan Indien

**FANAMBARANA**

**28 septambra - Andro iraisam-pirenen'ny Zo hisitraka torohay sy vaovao**

**Toeran'ny asan-gazety sy ny Haino Vaky Jery : tsy azo hiodivirana indray ny krizy**

Tato anatin'ny taona maro izay dia tsy nitsahatra niteraka korontana teo amin'ny sehatry ny asa fanaovan-gazety ny resaka fifidianana ny mpikambana ao amin'ny Holafitry ny Mpanao Gazety na ny Ordre des Journalistes de Madagascar (OJM). Indrisy, toy ny mahazatra dia miteraka disadisa hatrany ny momba ny Kaomisiaona mikarakara ny fifidianana sy ny Kaomisiaona misahana ny fizarana ny karatra maha-mpanao gazety matihanina. Ary toy ny mahazatra, melohin'ny mpanao gazety sasany maniry hanao ampihimamba ny Holafitra ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina, ka hampandany amin'ny fomba rehetra ny mpilatsaka ho fidina izay mifandray tendro politika aminy.

Azo antoka fa tsy hitondra fitoniana ihany koa amin'ity indray mitoraka ity ny fanovana natao eo amin'ny fomba fifidianana ka hiteraka korontana indray eo amin'ity sehatr'asa ity izay lazaina ombieny ombieny fa « asa masina » kanefa toa miha-tsinontsinoavin'ny olona sy mihavery hasina, indrindra rehefa samy mihevitra ny besinimaro fa afaka manao gazety daholo, na manao metimety kokoa noho ny mpanao gazety aza, nohon'ny firoboroboan'ny tambajotra sosialy. Tsy azo lavina ny fitsabahan'ny politika be loatra eo amin'ny asa fanaovan-gazety sy ny Haino vaky jery : ankehitriny, mpanao politika avokoa ny tompon'ireo Haino Vaky Jery sy Gazety lehibe indrindra eto Madagasikara.

Ny fanapahan-kevitra izay mitaky fa tokony hanana lisitra mpilatsaka ho fidina miisa 93 (filoha lefitra, mpanolotsaina, mpisolo-toerana,... isaky ny faritra) ny kandida ho filoha tsirairay, sy ny fitakiana antoka ara-bola isaky ny mpilatsaka ho fidina tsirairay avy (tombanana ho sahabo 10 tapitrisa ariary ny totalibeny isaky ny kandida) dia azo raisina ho toy ny fanimbazimbana ny zon'ny mpanao gazety, sakana amin'ny fampitoviana tantana ny kandida rehetra ary fampiasana ny OJM ho fitaovana politika. Manginy fotsiny, ahoana ny resaka fampandehanan-draharaha raha tsy ilaza afa-tsy ny fanatanterahana ny Fivoriambe (Assemblée Générale) ? Ary ny momba ireo mpianatrasa ? Ho an'ny Minisitera « mpiahy » dia noraisina io fanapahan-kevitra io mba hanamafisana ny fitsinjaram-pahefana.

Saingy tokony tsy hadino fa ny tsy fahampian'ny hoenti-manana, ny karama tsizariary sy ny fahasiharanana ara-bola samihafa, ary indrindra ny firafitry ny fandrakofan'ny Haino Vaky Jery manerana ny Nosy iray manontolo dia hampisy ny mizàna tsindrian'ila sy fanomezan-danja manokana ny mpilatsaka ho fidina iray na sasantsasany, ireo izay manam-bola sy manan-katao ara-politika ary afaka manana mpanao gazety maro be eraky ny faritra. Fehiny, tsy maintsy hiteraka disadisa eo amin'ity resaka fifidianana ny biraon'ny OJM ity ny fampanjakana ny resa-bola sy politika ka hampiditra indray anaty kizo lalina ny asa fanaovan-gazety sy ny voka-dratsy rehetra mety ho haterak'izany.

Nohon'ny fanaovana ho fitaovana politika mihoam-pampana ny Haino Vaky Jery sy ny tsy fisian'ny Haino Vaky Jery tsy manana fironana politika dia fotoana ary izao ametraham-panontaniana mikasika ny tena tokony ho anjara andraikitry ny Haino Vaky Jerim-pirenena, tena miasa ho an'ny olom-pirenena, ny olom-pirenena rehetra tsy ankanavaka izay manan-jo mitovy hisitraka vaovao maroloko, marolafy ary tsy mitanila. Ny Haino Vaky Jerim-pirenena ihany koa no afaka ary tokony hiantoka ny zo politikan'ny mpanohitra izay voafaritra mazava ao anaty Lalàm-panorenana. Saingy raha mbola feon-dakolosy tokana hatrany no re sy hita eny amin'ireny Haino Vaky Jerim-pirenena ireny dia tsy maintsy mbola hiharan'ny herisetra ara-politika foana izy ireny, ary ireo mpiasa izay tsy voasariky ny politika dia ho mpanatanteraka ny baiko politikan'ny fitondrana mifanesy fotsiny hatrany. Ireo mpanao gazety miasa amin'ny tsy miankina moa mazàna dia zary ho mpitondra teny ara-politika sy ara-barotry ny mpampiasa azy sisa.

Manoloana izany rehetra izany, kobakam-bava fotsiny ihany ny resaka zo ahafahana misitraka malalaka torohay sy vaovao, ny zo sy adidin'ny mpanao gazety hamoaka vaovao, ny zo haneho hevitra an-kalalahana sy ny fanajana ny etika sy deaontolojia satria ny fanasivanan-tena (autocensure) sy ny avotr'aina (instinct de survie) sisa no manjaka. « Zo hahafantatra : fanorenana tsaratsara kokoa amin'ny alalan'ny fahazoana misitraka torohay sy vaovao », io no teny filamatrin'ny UNESCO amin'ity taona ity enti-manamarika ny Andro iraisam-pirenena hanamarihana ny zo hisitraka torohay sy vaovao ity. Saingy raha ny zava-misy aloha dia mbola ho « lavitry ny afo ny kitay », hoy ny fitenenana.

Noho izany, ILONTSERA amin'ny maha Ivo-Toeram-pandalinana ny tontolon'ny serasera azy, sy ny CRAAD-OI dia misintona ny sain'ny rehetra misehatra amin'ny tontolon'ny Haino Vaky Jery manoloana ny firongatry ny herisetra marolafy indrindra amin'ny fomba fiteny sy fanehoan-kevitra hita eny amin'ny tambajotra sosialy sy Haino Vaky Jery mahazatra ao anatin'izao vanim-potoana mampamaivay ny politika izao ka mampirohirohy saina ny vahoaka tsy mandady harona. Ilontsera dia manameloka ny fanaovana ny olom-pirenena ho toy ny « omby mijery flора » fotsiny

ONG ILONTSERA- Adresse : Lot près VS 124 Miandrarivo Ambanidia, Antananarivo 101
Tel : +(261)34 01 689 01/+(261)34 04 273 18
E-mail : mediamattersm@gmail.com
Site web : www.ilontsera.mg
Facebook : Ilontsera

ONG ILONTSERA- Adresse : Lot près VS 124 Miandrarivo Ambanidia, Antananarivo 101
Tel : +(261)34 01 689 01/+(261)34 04 273 18
E-mail : mediamattersm@gmail.com
Site web : www.ilontsera.mg
Facebook : Ilontsera